INO MALAZA N°14 JOLAY 2019

Posted on 29 July 2019

Ny gazety Ino Malaza vokarin'ny ATD Quart Monde Madagasikara dia faly mizara vaovao ho antsika rehetra indray amin'ity volana Jolay ity.

Indro ary ny laharana n°14

INO MALAZA

Lah. 14 /Jolay 2019 / www.atd-quartmonde.org

Savaranonando

Tamin'ny fanaovana tatitry ny Université Populaire Quart Monde no nihaonako tamin'i Naina. Hoy izy tamin'ny volana Desambra raha niresaka ny lohahevitra mikasika ny kolontsaina : *"ny kolontsaina no fomba amolavolana ny olona ara-batana sy ara-tsaina araka ny fomba amam-panaony : ny famorana, ny famadihana, ny fomba fandevenana sy ny kabary ary ny mozika.... Ny kolon-tsaina no mandrafitra ny firenena iray sy mampiavaka azy amin'ny hafa ary mampisongadina azy"*

Hoy Amélie manazava *"taona maro i Naina no andrin'ny Université Populaire"*, mandray anjara mavitrika amin'ny fanomanana sy fihaonana izy ary mitondra hevitra tena mampiaiky na inona na inona lohahevitra.

Bruno DULAC ON

Nandao antsika i Naina ny 9 Jiona tamin' ny faha-32 taonany. Na mbola tanora aza izy dia mpikambana mavitrika, nahatoky sy tsy nivadika tain'ny ATD Quart Monde

Ankizy mpamaky boky tao amin'ny BDR araka ny voalaza tamiko. Midika izany fa mbola 7 taona izy dia efa tato amin'ny Fikambanana ary tsy niala tato mihitsy. Mbola 16 taona izy dia efa nanentana BDR, anisan'izany ireo zanaky ny fianakaviana mpitondra monina avy teny amin'ny Lalamby. Anisan'ny mpamorona ny sehatrasa tao amin'ny Fikambanan'ny tanora izy, nandray anjara tamin'ny tanjon'ny taona arivo fahatelo ho amin'ny Fampandrosoana (OMD) ary anisan'ny solontena mitondra ny tatitra tany amin'ny Firenena Mikambana tany New York tamin'ny 2013.

Tian'ny olona rehetra manodidina azy sy tena nankaoitrahan'izy ireo tokoa i Naina. Amin'ny fandaozan'ny mpikambana tena mirotsaka an-tsehatra sy am-pahatsorana amin'ny ady amin'ny fahantrana lalina toy izao ny Fikambanana dia manao veloma izany namana tsy foy izany.

Fitsangantsanganana fanitaram-pahalalan'ny tanora

Nanatontosa fitsangantsanganana ho fanitaram-pahalalana teny amin'ny toeram-pialamboly Vohitriniaina, Vontovorona ny ekipa mpanentana vakiboky an-kalamanjana sy TAPORI ny 4 Janoary 2019. Fanaovana lombanezaka ireo atrikasa natao nandritra ny taona 2018 sy fitarikahafantarana bebe kokoa ary fandraisana ireo mpanentana vaovao no tanjona tamin'izany. Tamin'ny alalan'ny dihy, hira sy lomano no niarahan-dry zareo naneho ny fitampizarána, sy hafaliany. Tamin'io fotoana io koa no niarahan' ireo mpanentana ireo nankalaza ny tsingerin-taonany ka nomarihiny tamin'ny fitampizarána mofomamy izany.

Tsindrio ary ilay sary mba ahafahana mahazo an'ilay gazety.

MATOAN-DAHATSORATRA

- Savaranonando
- Fitsangantsanganana fanitaram-pahalalan'ny tanora
- Fiofanana ho fandalinana sy famantarana misimisy kokoa ny Fikambanana
- Fiofanan'ny mpanentana
- Fampahafantarana voalohany ny Fikambanana
- Raha ny Fonenana mendrika no atao vain-dohan-draharaha
- Fitsangantsanganana anitaram-pahalalan'ireo tanora
- Ataoko ity noho ny fitiavako ny zanako sy ny sy ny fahadiovan'ny Kartie

- Fikarohana nandraisan’ny rehetra anjara ny lafiny miafina amin’ny fahantrana
- Baolina kitra ifanaovan’ny samy Fikambanana